



Hetahetam-pifanarahana

01.11.2004 - 31.12 2007

Madagasikara



Rabeson Leon Victor
Prezida
Federasionan'ny Marenina eto
Madagasikara (FMM)



Intensjons-avtalen

01.11.2004 - 31.12 2007

Norge



Hanne Kvitræ
Forbundsleder
Norges Døveforbund
(NDF)

Intensjonsavtale

mellom Norges Døveforbund (NDF) og Madagaskar Døveforbund (FMM)

(*Federasionan'ny Marenina eto Madagasikara*)

1. FMM skal bli en selvstendig og selvforsørget organisasjon. FMM skal utvikle seg til en sterk og handlekraftig organisasjon, og tas på alvor av det offentlige, og delta i planlegging og gjennomføring av ulike tiltak der døve berøres, eller er en del av målgruppen. Det gjelder blant annet rettigheter, likestilling, skolegang, bevisstgjøring og lignende. Etter hvert skal FMM være uavhengig av hjelp/støtte fra Norge.
2. FMM skal være etnisk-, politisk- og religiøst uavhengig
3. Det skal tydeliggjøres hvilken rolle NDF og FMM skal ha i prosjektet.
4. De ulike prosjektkomponentene skal ha klare mål og fastsatt tidsperspektiv.
5. Prosjektkomponentene skal ha detaljert arbeidsbeskrivelse/aktivitetsplan og budsjett, som undertegnes av FMM og NDF
6. FMMs prosjekt-kordinator tar seg av det daglige arbeidet og holder overoppsyn med prosjektet, og ser til at arbeidet går etter planen.
7. FMM leier lokaler til kontor, betalt av midler fra NDF
8. FMM ansetter generalsekretær (som også blir prosjektkoordinator) og noen andre (medhjelgere) som godkjennes og lønnes av NDF. FMM og NDF utarbeider og godkjener arbeidsbeskrivelse for hver enkelt ansatt som begge parter underskriver.
9. FMM og NDF skal ha hver sin faste kontaktperson for evt daglig kontakt over e-post
10. FMM skal ha Internett og e-post (effektiv forbindelse mellom FMM og NDF)
11. FMM skal ha egen bankkonto utelukkende knyttet til prosjektet, konto nr: [REDACTED]
12. Hvert år innen 15. august utarbeider og oppdaterer/justerer FMM og NDF delmål og evt mål, innhold/tiltak og budsjett for de ulike prosjektkomponentene i prosjektet.
13. Overføring av midler til FMMs prosjektkonto gjøres etter avtale. Overføring, med begrunnelse for konkret overføring, godkjennes av NDF
14. Uttak fra prosjektkontoen på Madagaskar skal foretas med underskrift av *to* personer; FMMs forbundsleder og kasserer
15. Bruk av midler må utdypes og begrunnes.
16. Alle utgifter skal dokumenteres (bilag) og bekreftes av kasserer og bilagsrevisor
17. Rapport og regnskap - både det generelle og prosjektkomponentene - skal gis både til NDF (på engelsk) og til FMM-styret (på gassisk) hver 3. måned (eksempel 15.01 for resultat/rapport pr 01.01, 15.04 for resultat/rapport pr 01.04, 15.07 for resultat/rapport pr 01.07 og 15.10 for resultat/rapport pr 01.10)
18. Årsregnskap skal gjennomgås og godkjennes av lokal statsautorisert revisor senest 1. februar hvert år, som så blir sendt til NDF for revisjon.
19. Denne avtalen gjelder fra og med 1. november 2004 til og med 31. desember 2007, *forutsatt* at NORAD godkjener og støtter de årlige søknad om bevilgning til det videre prosjektarbeidet.
20. NDF har rett til å bryte samarbeidet eller holde igjen utbetalinger dersom en eller flere punkter ikke blir fulgt opp.
21. Denne avtalen skal utfordriges både på norsk og på gassisk, og undertegnes av FMMs forbundsleder og NDFs forbundsleder, og godkjennes av styret i FMM og NDF.

Sted: [REDACTED] dato: [REDACTED]



Federasionan'ny Marenina eto Madagasikara



Norges Døveforbund

Federasionan'ny Marenina eto Madagasikara sy Norges Døveforbund

Hetahetam-pifanarahana eo amin`ny Federasionan`ny Marenina eto

Madagasikara (FMM) sy ny Federasionan`ny Marenina any Norvezy (FMN)

Andininy 1: Ny FMM dia ho fikambanana sady mahaleotena no hiahy tena; ho fikambanana matanjaka sy ho hery hiasa ary hampandroso ny fiarahanonina amin`ny fomba matotra, handray anjara amin`ny tetikasa sy ny fanatanterahana ireo ezaka samihafa mikasika ny Marenina, eny na dia ho am-pahany fotsiny amin`ireo sokajin`olona hiantefan`ny tanjon`ny tetikasa aza. Azo ampiharana izany ohatra ireo zo samihafa mahaolona, ny fitoviantsaranga (eo amin`ny lehilahy sy ny vehivavy ary eo amin`ny marenina sy ny tsy marenina), ny fahafahana mandranto fianarana sy fandraisana andraikitra, sns. Miandàlana ny FMM dia tsy hiankina intsony amin`ny fanampiana/fanohanana avy any Norvezy.

Andininy 2: Ny FMM dia tsy miankina na amina foko, na amina antoko politika, na amina antokom-pivavahana.

Andininy 3: Hambara mazava ao amin`ny tetikasa (projet), inona no andraikitra sahanin`ny NDF ary inona no andraikitra sahanin`ny FMM.

Andininy 4: Ireo tetikasa madinika samihafa ao anatin`ny tetikasa dia hanana tanjona hentitra sy mazava ary ho voafetra ny fotoana hanatanterahana izany.

Andininy 5: Ny asa fanatanterahana ireo tetikasa madinika samihafa ireo/ rafitry ny asa sy ny tetibola dia hohazavaina amin`ny antsipirihany, ary dia hosoniavin`ny FMM sy ny NDF.

Andininy 6: Ny mpandrindran`ny tetikasan`ny FMM (coordinateur) no miandraikitra ny fanatanterahana ny asa andavanandro ary manara-maso ny fivoaran`ny tetikasa na mizotra araka ny rafitra nandaharana azy izany na tsia.

Andininy 7: Manofa efitrano ny FMM izay hefaina amin`ny fanomezana avy amin`ny NDF.

Andininy 8: Manendry sekretera jeneraly (izay ho lasa mpandrindran`ny tetikasa) sy olona hafa koa ho mpanampy io sekretera jeneraly io ny FMM izay tsy maintsy ankatoavina sy karamain`ny NDF. Hiara-hiasa sy hiara-hankato ireo rafitry ny asa amin`ny antsipiriany izay hotanterahin`ny mpiasa tsirairay ny FMM sy ny NDF. Rehefa izany dia hiara-hanao sonia izany rafitr`asa izany.

Andininy 9: Ny FMM sy ny NDF dia samy hanana fifandraisana amina olona raikitra iray avy mba hanamorana ny fifandraisana andavanandro raha toa ka misy fifanakalozana e-mail.

Andininy 10: Ny FMM dia hanana Internett sy E-mail (hampisy fifandraisana mahafa-po eo amin`ny FMM sy NDF)

Andininy 11: Hanana petra-bola any amin`ny banky ny FMM izay voatokana manontolo hoan`ity tetikasa ity. No de compte:

Andininy 12: Alohan`ny faha-15 ny volana aogositra isan-taona dia hohamarinina sy ahitsin`ny FMM sy ny NDF ny am-pahany amin`ny tanjona nofaritana na ny tanjon`ny tetikasa iray manontolo mihitsy aza, ny zava-boalaza sy ny ezaka ary ny teti-bola ho fanatanterahana ireo zanakevitra samihafa ao anatin`ny tetikasa.

Andininy 13: Fifanarahana no mameatra ny fandefasana fanomezana ho amin`ny bankin`ny FMM. Fanazavana amin`ny hevitra mivaingana no hahazoana fanomezana izay tsy maintsy ankatoavin`ny NDF.

Andininy 14: Olona roa (Ny filohan`ny FMM sy ny mpitam-bola) no tsy maintsy manao sonia vao azo atao ny maka vola avy amin`ny banky misy ny petra-bolan`ny FMM.

Andininy 15: Tsy maintsy hazavaina sy hamarinina ny antony nakana sy nampiasana ny vola.

Andininy 16: Tsy maintsy apetaka mazava an-taratasy ireo rosia azo tamin`ny fampiasana ny vola ary tsy maintsy hamarinin`ny mpitam-bola sy ny "commissaire aux comptes".

Andininy 17: Ny tatitra ankabopeny sy ny tatitra ara-bola momba ny tetikasa manontolo sy ireo zanaka tetikasa dia tsy maintsy atolotra ny NDF (amin`ny teny anglisy) sy ireo mpitantana ny FMM (amin`ny teny Malagasy) isan-telo volana (ohatra: 15 janvie hoan`ny vokatra/tatitra hatramin`ny 01.01, 15 aprily hoan`ny vokatra/tatitra hatramin`ny 01.04, 15 jolay hoan`ny vokatra/tatitra 01.07 ary 15 oktobra hoan`ny vokatra/tatitra 01.10)

Andininy 18: Ny tatitra ara-bolan`ny taona iray manontolo dia tsy maintsy mandalo ary ankatoavin`ny "expert-comptable" (eken`ny fanjakana Malagasy) farafahatarany voalohan`ny volana febroary isan-taona izay halefa any amin`ny NDF mba hohamarinina "revision".


Andininy 19: Ity fifanekena ity dia hanankery manomboka amin`ny voalohan`ny volana novambra 2004 ka hatramin`ny 31 desambra 2007 raha toa ka ankatoavin`ny NORAD ary tohanany ireo fangatahana vola isan-taona mba hanatanterahana sy hanohizana ireo tetikasa efa natomboka.

Andininy 20: Ny NDF dia manan-jo handrava ny fifanarahana na tsy handefa vola intsony raha toa ka misy tsy fahatanterahan`ny iray na maromaro amin`ireo asa na hevitra nifanarahana.


Andininy 21: Ity fifanarahana ity dia sady nosoratana tamin`ny teny norveziana no nosoratana tamin`ny teny Malagasy, ary hosoniavin`ny filohan`ny FMM sy ny filohan`ny NDF.



Toerana:



, daty:



DIEGO

9

MAHAJANGA

5

ANTANANARIVO

2

TOAMASINA

MORONDAVA

4

ANTSIRABE

8

TOLIARY

6

FIANARANTSOA

7

MANAKARA

